



INCIPALS

Initiative Citoyenne pour la Consolidation de la Paix,
Leadership et Stabilité



FAMINTINANA IREO VAOVAO NISONGADINA NANDRITRA NY HERINANDRO TETO ANTANANARIVO SY TANY AMIN'NY FARITRA 26 APRILY – 6 MAY 2016

Ity tatitra ity dia famintinana amin'ny teny malagasy ireo tsara ho marihina mikasika ny fomba iresahan'ireo mpanao gazety any amin'ny faritra ireo vaovao nanamarika ny herinandro. Natao indrindra izany mba hahafahana mamantatra raha anisan'ireo izay mikendry ny fametrahana ny fampihavanana na kosa amin'ireo izay mandrangitra fikorontanana ny mpanao gazety, ka amin'ny alalan'ny fomba fiteniny sy ny fomba fiasany no amaritana izany. Ity tatitra ity ihany koa dia manampy amin'ny fanarahana akaiky ireo endrika korontana samihafa manerana ny nosy taterin'ny haino vaky jery.

MATOAM-BAOVAO

LOZAM-PIARAKODIA NAMOIZANA AIN'OLONA MARO

Nanamarika ny andron'ny zoma 29 aprily ny trangana lozam-piarakodia roa ka namoizana ain'olona maro. Vao mangiran-dratsy teny amin'ny lalana mihazo an'Ivato, fiara fitaterambahoaka roa mampifandray an'Alakamisy-Fenoarivo sy Ambohitrimanjaka no nifandona. Io andro ihany fa tany ho any amin'ny efatra ora folak'andro tany dia fiara nitondra ny mpianatry ny sekoly “La Pépite d’Or” eny Ambohimananana nanao fitsidihana tany Andranovelona no niharan-doza ka nivarina tany anaty hantsana, raha iny nitodi-doha hiverina aty an-drenivohitra iny. Valo ireo namoy ny ainy tamin'izany ka enina no zazakely, 32 ireo naratra ka ny 30 no mpianatra. Nampitroatra ny ankamaroan'ny olon-tsotra ireto lozam-pifamoivoizana ireto.

*Nanakiana mafy ny fisetrasetran'ireo mpamily ny **RADIO ANTSIVA**. Nasian'ireo mpanentana fandaharana resaka manokana ny tsy fanajan'ireo mpamily fiarabe ny Lalàna mifehy ny fifamoivoizana sy ny tsy fanajan'izy ireo ny mpandeha. Teny an'avona no azo hoy izy ireo, rehefa mba manao fanamarihana mikasika ny fitondran'ny fiara ny olona: “Mahazo midina ianao rehefa tsy te handeha.” na koa “Mahazo miala ireo izay tsy mahazaka ny fomba fitondran'ny fiara !”; santionany amin'ireo valin-teny azon'ny mpandeha ireo. Nampahatsiahy ny zon'ireto farany hitory ny mpamily i Michel Ralibera, mpanentana ny fandaharana “**Sehetra ho an'ny mpihaino**”. Ny fiarahamonina malagasy ankehitriny mihitsy ho izy, no efa tsy misy mandeha amin'ny tokony hoy izy. Porofon'izany izao zava-mitranga izao. Tetsy andaniny, nifantoka betsaka tamin'ny fitsidihan'ny Filoham-pirenena ireo niharam-boina ny onjam-peo. Tamin'izany no nanambarany ny fanamafisana ny fandrindrana ny fifamoivoizana sy ny fanaraha-maso ny fanomezan-dalana hamily fiara, ary koa ny fanasaziana ireo izay tsy manara-dalàna. Nanararaotra ihany koa izy, nanentana ireo tompona fiara sy koperativa mba hanamafy ny fitsipika mifehy azy ireo, ary ankoatr'izay dia niantso ny Birao mahaleotena misahana ny ady amin'ny kolikoly (BIANCO) ny Filoha mba*

Leader du Consortium

Membres du Consortium





INCIPALS

Initiative Citoyenne pour la Consolidation de la Paix,
Leadership et Stabilité



hijery akaiky ny fahamarinan'ireo mpandraharaha eo anivon'ny sampandraharaha misahana ny fanaraha-maso teknikan'ny fiara. Nisy arak'izany ny fanapahan-kevitra noraisin'ny tompon'andraikitra ny Fitaterana an-tanety (ATT) sy ny koperativa FIFIABE, ka tsy mahazo miasa mandritra ny folo andro ireo fiara namoa-doza. Hisy ihany koa ny fanofanana ireo mpamily sy ny mpanampy azy, hoy ny tompon'andraikitra eo anivon'ny ministeran'ny Fitaterana sy ny Sekretera Jeneralin'ny Zandarmariam-pirenena. Etsy ankilan'izany, nampahafantatra ny ministeran'ny Fanabezam-pirenena fa hametraka fitoriana ary nandefa mpanara-maso manokana tany amin'ilay sekoly voakasika mba hijery raha voaraka tsara araka ny tokony ho izy ny fahazoan-dalana avy amin'ny ray aman-dreny ka nitondrana ireo mpianatra tany Andranovelona. Nisy kosa ny fandaharana manokana nampitana ny fitsidihan'ny Filohampirenena an'ireo niharam-boina tao amin'ny TVM. Ny Fiadidiana ny Repoblika no handray an-tanana ny lany amin'ny fitsaboana, hoy ihany ity fahitalavitra ity. Nampita ny fanambaran'ny Tale Jeneralin'ny Fitaterana an-tanety, ny Kolonely Andriatsarafa Rakotondrazaka ihany koa ny TVM. Nisy ny sazy ampiharina amin'ny koperativa FIFIABE sy SOAMIRA nanomboka ny 3 mey teo, hoy izy. Taorian'izay dia nisy ny horonan-tsary fanadihadiana mikasika ny haratsian'ny tolotra omen'ireo mpitatitra sy ny fakana ny hevitra ny mpanjifa.

Nanakiana mafy ny tsy fahampian'ny fanabeazana sy ny tsy fahalalalan'ny mpamily sy ny mpanampy azy kosa ny tao amin'ny RADIO ANTSIVA. Fa tao ihany koa ireo mpihaino niditra nivantana nanakiana ny tsy fandehanan-draharaha sy ny gaboraraka eto amin'ny firenena. Nisafidy ny haka ny hevitra ny Filohan'ny Firaisan'ny Koperativam-pitaterana andrenivohitra sy ny Filohan'ny sendikan'ny Fampianarana Mamily Fiara kosa ny KOLO TV. Ho an'iry voalohany, dia ny tsy fanajana ny lalàna mifehy ny fifamoivoizana no fototr'olana, raha ny tsy fahampian'ny fanabeazana sy ny fampianarana ny mpamily kosa, raha araky ny hevitra ny Filohan'ny sendikan'ny Fampianarana Mamily Fiara kosa no olana nozarain'iry faharoa. Nisafidy ny hanome vahana ny fikaroham-bahaolana kosa ny MA-TV. Ilaina hoy izy ny fanamafisana hatrany ny fahazai-manaon'ireo mpiasa amin'ny fitateram-bahoaka. "Fasana mandehandeha" ny fiara fitateram-bahoaka, hoy ny MA-TV tao anatin'ny fandaharana "Zo MA-TV". Vahiny tao amin'izany fandaharana izany moa ny Kaomandin'ny Zandarmaria, ny Jeneraly Daniel Ramianandroa sy ny Mpisolovava Me Willy Razafinjatovo. Izy ireo dia samy nanambara fa hisy ny fepetra horaisina mba ho tena mpamily manana ny fahazai-manao takian'ny fenitra no hitondra ireo fiara fitateram-bahoaka. Somary saika nivaona kosa ny fomba nampitan'ny VIVA TV an'ireo lozam-pifamoivoizana, satria dia namoaka sary ahina ho nanohina ny mpijery izy. Ankoatr'izay dia naka ny hevitr'ireo mpandeha ihany koa ity fahitalavitra ity, ka tamin'izany no nizaran'izy ireo ny fanahiany manoloana ny fandehanan'ny mpamily mafy loatra.

Leader du Consortium

Membres du Consortium





INCIPALS

Initiative Citoyenne pour la Consolidation de la Paix,
Leadership et Stabilité



POLITIKA ANATINY

NISOKATRA NY FIVORIANA ARA-POTOANAN'IREO ANTENIMIERA ROA

Sambany hatramin'ny nitsanganan'ny Repobolika faha efatra no nisy ny fivorina ara-potoan'ny Antenimieram-pirenena sy ny Antenimieran-doholona miaraka. Ny fandihina ireo volavolan-dalàna samihafa, toa ny Teti-bola 2016 nasiam-panitsiana, ny lalàna hifehy ny serasera, ny lalàna hifehy ny Faritra Ekonomika Manokana, fa eo ihany koa ny volavolan-dalàna hametrahana ny Filakevi-pirenena ho an'ny Fampihavanana izay hisolo ny FFM. Hanolotra ny fandaharan'asany ihany koa ny Praiminisitra Olivier Solonandrasana Mahafaly mandritra ity fivoriana ity.

*Nianona tamin'ny fitaterana ny vaovao ny **KOLO TV** raha nandalina kokoa azy ny **MA-TV**. Araka izany dia nampita ny ampahany betsaka tamin'ny kabarin'ny Filohan'ny Antenimierampirenena tamin'ny fotoam-panokafana ny fivorina izy. Nampatsiahivin'ity farany tamin'izany fa manana andraikitra goavana amin'ny fampandrosoana ny firenena ny solombavambahoaka, satria izy no andrim-panjakana voalohany manara-maso ny fahefana mpanatanteraka. Namafisin'ny mpampita ny vaovao fa maromaro no miandry ny solombavambahoaka amin'ity fivoriana ity. Nasiany resaka ihany koa ny siosion-dresaka ny amin'ny mety hisian'ny fampiatoana sahady ny Praiminisitra amin'ny asany. Ny fanendrena azy rahateo efa nahabe resaka. Nifantoka betsaka tamin'ny fandaharam-potoana ny **RNM** sy ny **TVM** ary ny **RADIO ANTSIVA**. Araka ny fampahafantarana nataon'ireo haino aman-jerim-panjakana dia manodidina ny roapolo eo ho eo ireo volavolan-dalàna hodininina. Anisan'ny hanamarika ity fivoriana ity, hoy ny **RNM**, ny fihaonana eo amin'ny solombavambahoaka sy ny governemanta. Niresaka an'ity ihany koa ny **FREE FM** sy ny **RADIO PLUS**. Enga anie mba hitsahatra hatreo koa ny fividianana olona ao amin'ny Antenimiera ao, hoy ny mpanentana ny **fandaharana "Anao ny fitenenana"** ao amin'ny **FREE FM**.*

TOE-KARENA SY FIARAHAMONINA

FANAMARIHANA NY ANDRO MANERAN-TANY HO AN'NY ASA

Tamin'ny fomba manetriketrika no nanamarihan'ireo sendika samihafa ny Andro manerantany ho an'ny asa ny 1 mey teo. Somary nisy ihany ny korontana tamin'ny fikarakarana, satria nafindran'ny tao amin'ny Prefektora ho eny amin'ny Kianjan'Alarobia ny toerampanamarihana. Na izany aza, vory maro ny mpikambana avy amin'ireo sendika samihafa ary teny an-toerana sy ny manodidina ny kianja ihany koa ny mpitandro filaminana nisoroka izay

Leader du Consortium

Membres du Consortium





INCIPALS

Initiative Citoyenne pour la Consolidation de la Paix,
Leadership et Stabilité



mety ho fihoaram-pefy. Nisy ihany koa ireo nisafidy hanao diabe toy ny “Conférence des Travailleurs” (CTM), niainga teo amin’ny Tranom-bokim-pirenena teo Anosy nihazo ny Kianjan’ny Mahamasina. Nanao toy izany koa ny SEKRIMA, niainga teo amin’ny fiangonana Jesosy Mamonjy Ankorondrano namonjy ny Lisea Tekinikan’Alarobia. Nararaotin’ireo mpiasa ity andro ity nanasongadinana ireo fitakiana samihafa mifandraika amin’ny zon’izy ireo.

*Na dia sendra andro alahady aza ity fankalazana ity, dia nifantohan’ny ankamaroan’ny haino aman-jery. Maro ny fakan-kevitra nataon’izy ireo, ka anisan’izany ny an’ny Afo Sendikaly sy i Me Willy Razafinjatovo tao amin’ny **RADIO ANTSIVA**, izay nilaza fa sambany vao ilàna izany fahazoan-dalana avy amin’ny Prefektoran’ny Polisy izany ny fanamarihana ity andro, ka nahatonga izany ho lasa eny amin’ny Kianjan’Alarobia indray. Efa fanitsakitsahana sahady ny zo sendikaly izany, hoy ny Me Willy Razafinjatovo. Raha ny fahitan’i Eric Rakotomanga avy ao amin’ny AKFM azy kosa, dia fomba iray hanaovana izay hampanginana ny sendika izay nanomboka nitokona tato ho ato ity tsindry ity. Nanazava ny anton’ny famindrana toerana ilay hetsika izay noheverina hatao teto afovoan-tanànan’Antananarivo kosa ny Prefektoran’ny Polisy teo amin’ny fandraisam-peon’ny **FREE FM**, “Mba hisorohana ny mety ho fihoaram-pefy”, hoy izy. Nampitandrina ireo mpitarika hetsika tsy nahazo alalana ny amin’izay mety fihoaram-pefy rahateo koa ny Jeneraly Florens Rakotomahanina. Manao tsinontsinona ny mpiasa ny fanjakana; hoy ny mpanentana ny **fundaharana “Anao ny Fitenenana”**. Tsy mifanalavitra amin’izany ihany koa ny fanehoan-kevitry’ireo olon-tsotra na tao amin’ny **FREE FM** na tao amin’ny **RADIO ANTSIVA**. Ity farany izay nampita ny fanehoan-kevitry’i Désiré Ranaivoson avy amin’ny “Plateforme des Jeunes”, sy Ntsay Christian Talen’ny Birao iraisam-pirenena misahana ny asa eto amin’ny faritra Ranomasimbe Indianina (OIT), sy Jean Raymond Rakotoniasy, Tonian’ny Afo Sendikaly. Ankoatra izay dia nampanantena ny fandrindrana ny mari-karama ny minisitry ny Asam-panjakana Jean de Dieu Maharante, izay nampahafantatra ihany koa fa hodinihina tsy ho ela eo anivon’ny Filan-kevitry ny minisitry ny volavolan-dalàna momba ny Fiahiana ara-tsôsialy. Nitatitra ny hevitra ny mpitarika sendikaly samihafa ihany koa ny **MA-TV**, ka ankoatra ny Afo Sendikaly, dia teo ihany koa i Jules Randriamaholison, solombavambahoaka teo aloha, izay nanipika fa “tokony hanararaotra io andro io ny mpiasa rehetra mba hanairana ny sain’ny tompon’andraikitra isan-tsokajiny mikasika ireo zava-misy iainan’izy ireo.”*

Responsables de l’Unité de Monitoring des Médias :

Tiaray RANDRIAMALALA: tiaray.randriamalala@eces.eu

Mirana RAZAFINDRAZAKA: mirana.razafindrazaka@eces.eu

Site web: www.incipals.eu

Leader du Consortium

Membres du Consortium

